



BATISA SY FAHAFENOAN'NY FANAHY

Toy ny famehezana enti-mamarana izay rehetra natao teo aloha momba ny Fiangonana sy ny maha-izy-azy ny kristiana ity fampianarana ity. Manambara ny asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny Fiangonana izay fikambanan'ny olona natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesoa Kristy.

Famaritana (araka ny rakibolana frantsay « Larousse »):

Fahafenoana : toetran'ny olona tonga amin'ny farantampon'ny fivoarany, sady ao anatin'ny heriny no mahery vaika ; ao amin'ny maha-izy-azy manontolo.

Petrak'olana :

Ahoana no hahafantarako fa feno ny Fanahy Masina aho, na ny Fiangonana ?

Taridàlana :

Efa nilaza ny amin'ny fahafenoan'ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ny olona ny Testamenta Taloha. Mahatonga ny olona ho feno fahendrena sy fahiratan-tsaina amin'ny taozavatra sy asa kanto izany momba ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra (Eksodosy 31 : 3 / 35 : 31). Tahaka izany ihany koa ireo olona izay nantsoin'Andriamanitra hisolotena Azy eo anivon'ny vahoakany : ny olom-boahosotra (teny hebreo, « Mesia » : Mpanjaka, Mpaminany, Mpisorona ; teny grika, « kristy »).

Ny Filazantsara araka an'i Lioka sy ny Asan'ny apositoly nosoratany ary ny epistily ho an'ny Efesiana no boky milaza ny amin'ny « fahafenoan'ny Fanahy » ato amin'ny Testamenta Vaovao. Nodinihantsika tamin'ny fampianarana teo aloha ny amin'ny bokin'ny Asan'ny Apositoly izay nianarana ny momban'ny « batisan'ny Fanahy Masina ». Hery tokoa ny Fanahy Masina ho an'ny vita batisa ka nahafahany nitory ny Filazantsara sy nampielany izany (Asa 2 : 2 / 4 : 8). Eto kosa isika dia hifantoka amin'ny bokin'ny Efesiana mikasika ny « fahafenoan'ny Fanahy ao amin'ny fiangonana izay fitambaran'ny mino » : « Fa asan'Andriamanitra isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesoa mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy » (2 : 10)

Misy dingana anankitelo mazava izay ambaran'ny teny eto momba ny fanatanterahan'Andriamanitra ny mino hahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy (Efesiana 4 : 13).

1. Hevi-panahy raketin'ny batisa

Maro ireo fampianarana efa hitantsika momba ny batisa. Tiana no mbola manamafy izany araka izay voasoratra eto hoe « Fa asan'Andriamanitra isika ». Izany hoe, Andriamanitra no manao ny batisa fa tsy ny olona velively satria vokatry ny fahasoavany irery ihany izany ho an'ny olona : « Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha » (Efesiana 3 : 8-9). Izany fahasoavan'i Tompo izany dia raisintsika amin'ny finoana mba hahatanteraka ny famonjena antsika : « izay mino sy atao batisa no hovonjena » (Marka 16 : 16).

Tsy zavadehibe natao ho fikirana loatra ahazoana ny famonjena araka izany ny fomba fanaovana ny batisa na dia ilaina aza izany ho fitaizana ny Fiangonana mba hahatsiarovany ny fahasoavan'Andriamanitra (sakramenta). Manamafy izany izay voalazan'ny Filazantsara sy ny toritenin'ny mpianatry ny Tompo rehefa nandray ny Fanahy Masina izy ireo : « i Jaona manao batisa amin'ny rano, fa Jesoa Kristy kosa manao batisa amin'ny Fanahy Masina » (Marka 1 : 8 / Asa 1 : 5 / 11 : 16). Moa tsy izany indrindra no nahatery ny apositoly ka nanadihadiany izay vita batisa raha nandray ny Fanahy Masina izy ireny na tsia (Asa 19 : 2-6)? Sy ho an'izay rehetra nandray ny Fanahy Masina nefa tsy mbola vita batisa (Asa 10 : 47)? Ho hitantsika amin'ny tapany fahatelo ny fisehon'ny Fanahy Masina miasa ao amin'ny vita batisa. Mialoha izany dia hojerentsika ny asan'ny Fanahy Masina ao amin'ny mino.

2. Ny fahafenoana raisin'ny mino avy amin'Andriamanitra

a) *Andriamanitra manangana antsika ho zanany*

Asan'Andriamanitra ny mino sy izay natao batisa satria noforoniny tao amin'i Jesoa Kristy Zanany. Miorina ao amin'ny fahafenoan'ny Zanaka mantsy ny fahafenoan'izay mifandray Aminy koa : « ny fahafenoan'izay mameno izao zavatra rehetra izao amin'ny rehetra » (Efesiana 1 : 13-23). Antsoina eto hoe fitahiam-panahy izany ! (1 : 3). Raisin'Andriamanitra ho zanany isika, natsangany mba handova ny Fanahy Masina (1 : 5 sy 14). Hoy indrindra ny Tompo : « Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy? » (Lioka 11 : 13). Ny Fanahy no mampihaona antsika amin'Andriamanitra ka tonga ankohonan'Andriamanitra isika fa tsy vahiny na olo-mandalo amin'izany fanjakany izany ihany (2 : 18-19). Mahatsiaro ho zanany isika ka manam-pifandraisana amin'Andriamanitra : « Aba Ray ô ! » (Romana 8 : 15). Mivelona sy

mitombo ao aminy isika ka haoriny ho fonenan'ny Fanahy (and. 22) : hahatonga antsika ho feno amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra (3 : 19).

b) Fanavaozana sy fihavaozana

Misy àry ny andraikitra izay raisin'ny mino mba handraisany ho an'ny tenany izany fitahiampanahy izany. Ny Fanahy no manavao azy fa izy kosa mila mihavao isanandro ! Ary satria izy efa ao amin'i Kristy, noho izany ny fanahin'ny sainy no voakasiky ny fihavaozana izay mampiharihary ny toetra vaovao (4 : 23-24). Manamafy izany izay volaza ao amin'ny Romana, « Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina » (12 : 2). Ny sain'ny mino no havaozina, izany hoe, ny fahaiza-mandinika sy misafidy mba hamantarany ny sitrapon'Andriamanitra mety. Sy hianarany ny fisaintsainana araka ny fihevit'Andriamanitra. Handroso fahalalana an'i Jesoa kristy loharanom-pamonjena izy, mba tsy haharitra fotsiny ny finoany, fa hitombo sy hihamafy orina kosa. Hiaina ao amin'ny fitiavan'i Kristy izy, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, mba hofenoina amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra. Hianaran'ny mino ny fanarahana an'i Kristy, izay nanaiky hatramin'ny fahafatesana (Filipiana 2 : 8). Koa dia tadiavin'ny olom-baovao hovonoina hatrany ny tsi-finoana, ny fitiavan-tena, ny ditra ary ny filan'ny nofo. Fa ny olona taloha mantsy ta-handringana ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny toetra tsara rehetra » (Romana 14 : 25 / Galatiana 5 : 17). Noho izany adi-lahy ao anaty izany no ilàn'ny mino fanavaozana isan'andro ; ary ny ahazoana izany fanavaozana izany no « ady tsaran'ny finoana ».

3. Fisehon'ny fahafenoan'ny Fanahy ao amin'ny mino sy ny Fiangonana

Ny batisa dia fidirana ao amin'ny Fiangonana. Misy ny antso ho an'ny vita batisa rehetra dia ny fanatanterahana asa tsara izany izay efa nomanin'Andriamanitra rahateo mba handehanany : « Ao aminy koa ianareo, rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsara famonjena anareo,-eny, ao aminy koa ianareo, rehefa nino, no nasiana toambo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana. Izany Fanahy izany no santatry ny lovantika ho amin'ny fanavotana ny olona izay nalainy ho an'ny tenany, ho fiderana ny voninahiny » (1: 13-14)

a) Firaisan'ny kristiana ho amin'ny asa iombonana

Sitrak'Andriamanitra ny mandrotsaka ny fanomezam-panahy ho an'ny vita batisa rehetra ka mahatonga ny tsirairay hanana anjara asa sy andraikitra ao amin'ny Fiangonana : « Ary lzy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary

ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy (4 : 11-12). Samy manana ny anjara toerany sy ny andraikiny avy ny mino ao amin'ny Fiangonana ka afaka mifameno ho fampandrosoana: « Fa samy nomena ny fahasoavana araka ny ohatry ny fanomezan'i Kristy avy isika rehetra » (4 : 7).

b) *Fitomboan'ny Fiangonana hahatratra ny ohatry ny fahafenoan'i Kristy*

Mitombo hatrany ny zavamanan'aina rehetra : torak'izany koa ny aim-panahy velona ao amin'Andriamanitra. Tsy avy amin'ny herintsika na ny asantsika no mampitombo ny aim-baovao. Na ny vatantenantsika aza tsy haintsika ampitomboina, mainka fa ny toe-panahy. Fa ny tena dia mitombo araka ny sakafo azony sy ny fitandremantsika ary ny fampiasantsika azy. Mitombo ihany koa ny olom-baovao raha mahazo sakafo sahaza sy fitaizana ara-panahy tsara ary raha ampiasaina amin'izay tsara sy ankasitranan'Andriamanitra. Ny Fanahy Masina no manome fandrosoana amin'ny toe-piaina kristiana. Omeny ny sakafo mahavelona, dia Jesoa mofon'aina (Jaona 6 : 51). Raisintsika ao amin'ny tenin'andriamanitra sy ny sakramenta i Jesoa, izay hazavain'ny Fanahy Masina araka ny famirapiratan'ny voninahiny (2 korintiana 3 : 18). Mba hahatanteraka izany fikasana izany, dia voalahatr'Andriamanitra ny fiangonana sy ny mpiasany, ho fanatanterahana ny olona masina ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy (4 : 11-12).

d) *Tsimokaretina manakana ny fitomboan'ny vatana*

Tsy hita ny fototr'aretina ao amin'ny vatana raha tsy mandalo fizaham-pahasalamana lalina izy (analyse, scanner...). Avy aiza àry ny tsimokaretina ao amin'ny fiombonan'ny mino kanefa efa voalaza teo fa nandray ny fitahiam-panahy avy amin'i Tompo izy (immunité spirituelle)? Ny « lainga » no manakana ny fitahiam-panahy sy ny fitomboan'ny vatana araka izay hita eto : « Koa esory ny lainga, ka samia milaza ny marina amin'ny namany avy ianareo rehetra; fa samy isan'ny momba ny tenan'ny namantsika avokoa isika » (4 : 25). Avy amin'ny devoly ny lainga ka izy no fototry ny fisarahana ao amin'ny olona sy ao amin'ny fiangonana, araka izay nolazain'i Tompo (Jaona 8 : 44).

e) *Fanolokoloana ny vatana mba hateza*

Mila otrikanina (vitamine) manokana ny fiangonana izay tenan'i kristy mba hanoherany ny aretina izay mitady hikiky azy. Ny « fitiavana » no ambara amin'izany (toko faha-5). Sodokan'ny fanomezam-pahasoavana nomen'azy ny mino indraindray ka mitady voninahitra amin'ny olona ary manadino ny manome ny voninahitra ho an'Andriamanitra loharanon'ny soa rehetra.

Mitranga ny fifandirana sy ny fialonana vokatr'izany. Antony nahatonga ny fanoratana ny taratasy ao amin'ny 1 Korintiana 13 izay manazava ny amin'ny « fitiavana » rehefa nisy ny fikorontanana tao amin'ny fiangonana tao korinto manodidina ny fanomezam-pahasoavana : « Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho. Ary na dia manana faminiana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. Ary na dia omeko hohanin'ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahaso ahy akory izany. » (And. 1-3). Koa maniria izany fanomezan'ny Fanahy lehibe indrindra izany (1 Korintiana 12 : 31).

RAMAHERIJAONA Jean-Teddy, Mpitandrina
Grenoble



Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

BAPTEME et PLENITUDE de l'ESPRIT



Bouquet final pour clôturer les enseignements qui se sont succédés depuis, concernant le baptisé et l'Eglise

Plénitude (selon le dictionnaire Larousse):

état de ce qui est à son plus haut degré de développement, qui est dans toute sa force, son intensité ; son intégralité.

BAPTEME et PLENITUDE de l'ESPRIT



Problématique:

Comment reconnaître la plénitude de l'Esprit en chaque chrétien et dans l'Eglise?

REMPII DE L'ESPRIT

dans l'Ancien Testament :

dons de sagesse et de l'art pour les hommes au service de Dieu (Exode 31: 3); pour ceux qui sont consacrés aussi afin de représenter Dieu au milieu de son peuple (en hébreux, « Messie »: Roi, Prêtre, Prophète; en grec, « christ »)

dans le Nouveau Testament:

les écrits de Luc surtout (Luc et Actes) qui évoquent le « baptême du Saint-Esprit » dans l'accomplissement de l'annonce de l'Évangile de Jésus-Christ.

Et, l'épître aux Ephésiens que nous allons méditer!

BAPTEME et PLENITUDE de l'ESPRIT

(texte: EPHESIENS)



« car nous sommes l'ouvrage de Dieu, ayant été créés dans le christ Jésus pour les bonnes œuvres que Dieu a préparées à l'avance, afin que nous marchions en elles » (2: 10)

Voici trois étapes que Dieu procède chez le baptisé afin qu'il
« parvienne à l'état d'homme fait, à la mesure de la stature de la plénitude du Christ » (4: 13)

1. Signification spirituelle du baptême
2. La plénitude que tout croyant reçoit lors de son baptême
3. Manifestations de la plénitude de l'Esprit en chaque chrétien et dans l'Eglise

BAPTEME et PLENITUDE de l'ESPRIT

(texte: EPHESIENS)



« car nous sommes l'ouvrage de Dieu, ayant été créés dans le christ Jésus pour les bonnes œuvres que Dieu a préparées à l'avance, afin que nous marchions en elles » (2: 10)

1. Signification spirituelle du baptême

- On confirme à nouveau que c'est Dieu qui baptise et non les hommes: « Car vous êtes sauvés par la grâce, par la foi, et cela ne vient pas de vous, c'est le don de Dieu ; non pas sur le principe des œuvres, afin que personne ne se glorifie » (2: 8-9)
- Le sacrement (manifestation visible) dans l'Eglise est nécessaire pour rappeler cette grâce de Dieu invisible.



FOI

GRACE



BAPTEME et PLENITUDE de l'ESPRIT

(texte: EPHESIENS)



« car nous sommes l'ouvrage de Dieu, ayant été créés dans le christ Jésus pour les bonnes œuvres que Dieu a préparées à l'avance, afin que nous marchions en elles » (2: 10)

2. La plénitude que tout croyant reçoit lors de son baptême

- La filiation divine acquise!



« car par Jésus nous avons, les uns et les autres, accès auprès du Père par un seul Esprit. Ainsi donc vous n'êtes plus étrangers ni forains, mais vous êtes concitoyens des saints et gens de la maison de Dieu » (2: 18-19)

- Chrétien renouvelé et participant à son renouvellement

« et d'être renouvelés dans l'esprit de votre entendement*, et d'avoir revêtu le nouvel homme, créé selon Dieu, en justice et sainteté de la vérité » (4: 23-24)

***esprit d'entendement enraciné dans l'évangile et non sur le principe des œuvres!** Voir, Romains 14 : 25 / Galates 5 : 17

BAPTEME et PLENITUDE de l'ESPRIT

(texte: EPHESIENS)



« car nous sommes l'ouvrage de Dieu, ayant été créés dans le christ Jésus pour les bonnes œuvres que Dieu a préparées à l'avance, afin que nous marchions en elles » (2: 10)

3. Manifestations de la plénitude de l'Esprit en chaque chrétien et dans l'Eglise

Par le baptême, chaque croyant est intégré dans l'Eglise

- Les uns et les autres sont en communion en vue d'une mission commune: le don de l'esprit accordé à chacun contribue à l'édification de l'Eglise (corps du Christ visible)
- Croissance de l'Eglise à la stature parfaite du Christ

Prendre le sacrement: nourriture spirituelle propre au développement spirituel. **Accompagné par les responsables** de l'Eglise (4: 11-13)

BAPTEME et PLENITUDE de l'ESPRIT



« *car nous sommes l'ouvrage de Dieu, ayant été créés dans le christ Jésus pour les bonnes œuvres que Dieu a préparées à l'avance, afin que nous marchions en elles* » (2: 10)

3. Manifestations de la plénitude de l'Esprit en chaque chrétien et dans l'Eglise

- Virus dans le corps qui empêche son développement
- « *le mensonge* » qui est le caractéristique du diable (*du grec, diabolos = le séparateur*) nuit à la cohésion des membres et donc défavorable au développement du corps! (4: 25)
- Entretien du corps pour son endurance

La vitamine A = Amour (*chapitre 5 et 1 Corinthiens 13*)